

FIZARANA II.
NY NANJAKAN' ANDRIANAMPOINIMERINA

LIVRE I.
NY NAMORIA'NY ANY MERINA 6 TOKO.

TOKO I.

NY TAONA FITO VOALOHANY NANJAKA'NY; VELIRANO NATAO NY
IZY TELO TONTA TOMPO NY TANY

1^o ANDRIANA TELO NO TOMPO NY TANY; DIA NIHAONA IZY TELO TONTA
NANAO FIHAVANANA, NO ZARAINA NO TELOINA NY TANY; RAMBOLAMA-
SOANDRO LASAN-KO VADY N'ANDRIANAMPOINIMERINA Andriana telo no
tampo ny tany tany ny izay: Andrianamboatsimarofy eo Antananarivo, Ramana-
nandrianjaka any Ambohidratrimo, sy Andrianampoinimerina any Ambohimanga
Dia no zaraina no teloina ny tany.

Andranobevava mianavaratra, an' Andrianampoinimerina

Ary Andranobevava mianatsimo, an' Andrianamboatsimarofy

Ary no vakina indray Ankosy: ary ny atsinanana an' Andrianampoinimerina,
ary ny andrefana and Ramananandrianjaka andriana eo Ambohidratrimo, ary
Vakintoalaza natao ny anarany ny tany atsy andrefana anelanelany Marovatana sy
Avaradrano

Dia nihaona izy 3 tonta tao atsimo n'Ambatobe Dia nively rano tao izy 3 tonta,
dia nilefon' omby, dia nifaneky tsy hifanao ratsy, dia nifaneky na an-kasoavana na
an-karatsiana tsy hivadika intsony fa haneke an' Andrianampoinimerina ho
andriana any Ambohimanga Ary lasan-ko vady n'Andrianampoinimerina Rambola-
masoandro amy ny izany, hono Dia napoaka basy iray vava ka nanao hoe *Izay
mamadika izao teny izao matesa am-basy tokana!*

AMBOHITRARAHABA, natao n'Andrianampoinimerina *vavatany* Ambohitrara-
haba, ka hatr' eo Andranobevava, ny mianatsimo an' Andrianamboatsimarofy
Natao ny *fiandrilahy* Ambohitrarahaba, ka nonenan' Avaradrano, ny matanjaka no
nonina tao. Dia tsy nahafaka azy i Merinatsimo; ary dia nankasitrahana
Andrianampoinimerina izy, ary dia no arahaba'ny hoe « Arahaba tsy maty fo
aman' aina, hoy Andrianampoinimerina, dia ataoko Ambohitrarahaba ny anarany ny
vohitra, fa lehilahy nahatò ny fanjakana, izaho miarahaba azy, fa mainkia hianareo
vahoaka », hoy Andrianampoinimerina Dia rekitra ny anarana. Ary hoy ny vahoaka
mandalo ao: « Arahaba nahazo ny hery n'ady »

MANAO FIHAVANANA INDRAY ANDRIANAMPOINIMERINA SY ANDRIANAM-
BOATSIMAROFY; RAVAONIMERINA ZANAK' ANDRIANAMBOATSIMAROFY NA-
TAO HO VADY N'ANDRIANAMPOINIMERINA Ary nifanena Andrianamboatsimarofy
sy Andrianampoinimerina, hatao tsara ny fihavanana. Aty Ankadindramamy no

nitoby Andrianamboatsimarofy, ary tao Analamahitsy ny nitobian' Andrianampoinimerina, ary Nanisàna natao fihaonana Dia nifanatona hihavana tsara izy 2 lahy Dia nifaneky hifanome vady. Ravaonimerina zanak' Andrianamboatsimarofy natao ho vady n'Andrianampoinimerina, ary Ralesoka anabavy n'Andrianampoinimerina natao ho vady n'Andrianamboatsimarofy, nenti'ny am-belirano *Raha tsy ho vady n'Andrianamboatsimarofy Ramatoa Ralesoka modia taninketsa n'Antananarivo Ambohimanga! Ary raha tsy ho vady n'Andrianampoinimerina Ravaonimerina: modia taninketsa n'Ambohimanga Antananarivo*

Ary dia nanao fihinanana hoe *bihinana fa babatsara fihavanana*. Dia namono omby Andrianampoinimerina Dia nahandro hena ny tsindranolahy ny, dia nilazan' Andrianampoinimerina hilalao any Andranobevava ireo tsindranolahy

Dia tamy Andrianamboatsimarofy Dia nankao amy ny tsindranolahy mahandro hena: « Inona izato ataonareo? hoy izy » — Namono ny omby ny zoky nao, ka lasana hilalao », hoy ireo. — « Sokafy ny vilany, omeo havitra angala'ko hena eto am-bilany », hoy Andrianamboatsimarofy Dia natsobo'ny ny havitra mahitsy mankao am-bilany ka tsy nitondra fa tsy nanaraka ny hena. Dia navadi'ny indray, ny faraingio ny havitra nenti'ny naka dia nanaraka ny hena Dia hoy izy: « Ny mahitsy tsy mahazo fa ny meloka no mahazo »

Nony tonga Andrianampoinimerina avy nilalao, dia nilazany ny tsindranolahy hoe: « Nanontany ny hena ny omby nay Andrianamboatsimarofy, dia naka tamy ny havitra mahitsy tao anaty vilany, ka tsy nahazo ny havitra mahitsy, ary navadi'ny indray misy faraingio, dia nahazo, ary hoy izy ny mahitsy tsy mahazo fa ny meloka no mahazo » — Dia nandihy Andrianampoinimerina nandre izany. « *Lasako ny fanjakana! soavin' Andriamanitra ho ahy fa ny azy, ny mahitsy tsy mahazo ny meloka no mahazo*, hoy Andrianampoinimerina

Ary *Andranovelezina* ambany avaratr' Ankadindramamy, ny nivelezan-drano; izy natao an-drano-velezina. nivelezan-drano

Ty andrefany Soamanandrarina, vavatany an' Andrianamboatsimarofy

Ary Soamanandrarina atsinanana, vavatany an' Andrianampoinimerina, itoerany ny hava' ny Ary Ambatobe, vavatany an' Andrianampoinimerina Ary Mandrosoa, sy Ambohimila atsinanan' Ambohipeno, sy Amboniloha vavatany an' Andrianampoinimerina Nasia' ny fiandrilahy ireo

Ary Ankadindramamy, vavatany an' Andrianamboatsimarofy Ary nony ato aoriana nony niady Andrianamboatsimarofy sy Andrianampoinimerina, hoy ny vahoaka nanaraka an' Andrianampoinimerina « Aoka ho baboina ireo Ankadindramamy? » — Ary hoy Andrianampoinimerina « Izaho tsy maka azy, tsy maka vady ny, tsy maka zana'ny, tsy maka fanana' ny aoka ho enti'ny izay zaka ny » — Dia nandeha ny ao Ankadindramamy nianatsimo aty amy ny Andrianamboatsimarofy Dia nentina izay zaka ny Ary nony mby etoa andrefan' Ankadindramamy an-dafy andrefan' ny tanimbary, hoy izy hoe: *Modia taninketsa n'Andrianampoinimerina ny tany atsimo!* — Ary tsy ampy iray volana, dia azo n' Andrianampoinimerina Antananarivo. Nampandehani' ny fotsina, ka nikoa nahina.

FANEKENA NATAO N ANDRIANAMPOINIMERINA TAMY NY IZY 7 LAHY Ary ley fanekena natao am-belirano, nony tato aoriana dia nivadika Andrianamboatsimarofy Ary ny natao n'Andrianampoinimerina nony nivadika Andrianamboatsimarofy, mbola tsy niady izy aloha, fa niomana, fa nanao fanekena tamy ny lehilahy hendry tao Tantsaha, fito mirahalaha izy Ka izao no natao ny nalaina izy 7 lahy, nalaina mangingina, dia nanirahana olona mangingina « Andrianampoinimerina naniraka anay, mba haka anareo 7 mirahalaha, » hoy ireo iraka. montsy an' *Andrianarabo* sy

Andriantsoanandriana sy *Andriankotonavalona* sy *Andriantsimandeharery* sy *Andriamahery* sy *Andriamparana* sy *Andriandambovolony* Ireo izy 7 lahy ireo, tsy iraitampo tsy akory fa zanak olona mianadahy, ka havan Andrianampoinimerina Ary dia hoy ny fiteny ny izy 7 lahy « Lazao amy n'Andrianampoinimerina, fa tsy azy izahay fa mbola an olona (an Andrianamboatsimarofy) »

Nony ela, dia nandeha izy 7 lahy, ka nandeha mangingina fandroa misy mahita ka maty n'Andrianamboatsimarofy Dia nandeha izy 7 lahy ka tonga teo Ambohimanga, ka nandondona ny vavahady, ka alina ny andro, ka nanontaniany ny mpiambina hoe « Olona avy taiza hianareo no tonga alina to' izao ? » — Ary hoy izy « Lazao amy n'Andrianampoinimerina, izahay, fa' hava' ny avy any Tantsaha » — Nony nandre izany Andrianampoinimerina, dia hoy izy « Aidiro izao, fa hava' ko avy any Tantsaha » — « Dia midira hony hianareo tompokolahy, » hoy ny mpiambina Dia tonga izy 7 lahy eo amy n'Andrianampoinimerina Dia miarahaba andriana, dia mifanantsafa & Ary rehefa vita izany, dia miteny Andrianampoinimerina manao hoe « Izao no angala' ko anareo 7 lahy raha foy n'Andriamanitra ny eran-tany ny eran-danitra, ka maty velirano Andrianamboatsimarofy ka handeha aho, hoy izy, izao no angala' ko anareo 7 lahy » Dia nanome toky eo izy 7 lahy Dia faly Andrianampoinimerina, ary dia nanome vola be azy 7 lahy sy ny zavatra betsaka Dia faly izy 7 lahy, dia mody any Tantsaha Ary nony efa tonga izy ireo, dia nalain' Andriantsoanandriana ny vola nome' ny ny loholona tantsaha sy ny mpiady tantsaha mahay, ary dia ireo olona ireo no nisakaiza' ny tsara tokoa

Ary nony nandeha Andrianampoinimerina hananika an-Tananarivo, nony mba mipoaka ny basy izy 7 lahy ireo sy ny loholona sasany tantsaha, dia tsy nasiana bala ny basy ny. Ary nony vita n'Andrianampoinimerina i Merinatsimo, dia nalai' ny indray izy 7 lahy any Ambohimanga, ka hoy izy : « Izay vita' nareo dia anareo, ary izay vita ko dia ahy hiany, » montsy any Betsileo sy ny tany mbola tsy mandry any atsimo tontolo any Rehefa nandre ny teny n'Andrianampoinimerina, dia nandeha izy 7 lahy nankany amy ny Andriamanalinarivo betsileo Ka lazaina ao amy ny aoriana indray ny farany naleha ny tany

2^o MANORIM-BOHITRA HITANA NY VAVA-TANY AVARATR' ATSIANANA . MANDIAVATO (ZANAKANDRIANATO SY ZANAKANDRIAMBE), NANORENANA VOHITRA EFATRA Ary niteny indray Andrianampoinimerina, hoy izy « Hanao vohitra any avaratra aho hitana ny faran' avaratra, » hoy izy Ary vohitra efatra no naori' ny dia Ambohimila sy Andraingingaly sy Andrainarivo ary Ambohitrandriana Teroa amy ny Zanakandriambe (firenen' olona isa ny Mandiavato) dia Andraingingaly natao ny ny anaram-bohitra . ary tato amy ny Zanakandrianato, dia natao ny Ambohimila sy Andrainarivo ary Ambohitrandriana ny anaram-bohitra Ary niloka Zanakandriambe honina ao Andraingingaly, nipetrany fito polo lahy, ary niloka Zanakandrianato honina eo Ambohimila koa « Hampivadi' ko, hoy Andrianampoinimerina, Ambohimila sy Andraingingaly » — « Matokitokia tokoa hianao Andrianampoinimerina, hoy Zanakandrianato sy Zanakandriambe . raha akamba' nao eto amy ny ireto vohitra mifanakeky ireto izahay, dia atao nay tanteraka tokoa amy ny saka' ny sy ny lava' ny ireto faribohitra nametraha' nao anay ireto » — « Raha manao izany hianareo, hoy Andrianampoinimerina, dia ome' ko omby 1 avy isam-bohitra sy vola A 10, ho enti' nareo manao ny vohitra, dia ataovy hady manodidina, » hoy izy — « Raha manao izany hianao Andrianampoinimerina, ka manome vola sy manome omby, dia toky no ome' nay anao fa na tsy manome vola sy omby aza hianao, izay atao eto, an' iza fa tsy anao ? Dia toky no ome' nay, f aza manam-badi-po hianao, fa tahaky ny vohitra mirafy Andraingingaly sy

Ambohimila, » hoy ny Zanakandrianato sy Zanakandriambe Dia samy nandoaka azy, samy nihady ny hadivory, dia samy nonina

Ary nifanarakaraka teo hiany, hoy indray Andrianampoinimerina. « Izaho iley Zanakandrianato, raha ato Andrainarivo no hahavery ny zazamambehivavy sy hahavery ny omby ny vahoaka, dia malahelo aho fa oneno, » hoy izy, — Dia niteny indray Zanakandrianato « Eny, Andrianampoinimerina, fa lazai' nay amy nao vereza ny ho very matesa ny ho faty! raha tsy ny teny nao no ho to! » — Dia nonina tao Andrainarivo 50 lahy sy 50 vavy, ary izao no loka : « Raha tsy monina eto Andrainarivo, dia tsy manana ny tanimbary eto Andrainarivo sy ny fotsitaho antSahasarotra : fa any izay monina ny tany » — Ary ireo 50 lahy natao n'Andrianampoinimerina hoe : Ireo olon' tsika any Ambohibao raha misy hatairana, mba vonjeo. » — Dia naneky izy 50 lahy nanao hoe Marokia Andrianampoinimerina, fa tsy maintsy hatao nay izany »

Ary izy noho nandroso nianavaratra aty amy ny tany tsy vita, no nanaovan' Andrianampoinimerina ny Zanakandrianato hoe *teraka mafy loha* : « Tany tsy vita 'ty mianavaratra ity hatr' any an-koatry ny ala, ka ametraha' ko 50 lahy hianareo eto Andrainarivo, hoy Andrianampoinimerina, hianareo atao ko teraka mafy loha nahatoky ahy sy mahafatra-po ahy, tsy mba nivadi-bolana, f' izay natao nareo dia tanteraka avokoa ; ka toky ome' ko anareo Zanakandrianato : raha tsy hianareo tsy mahatoky ahy, apetrako eto hitana ny vava atsinanan' avaratra, fa eo avaratr' Andrainarivo no mahavery ny vady mahavery zanaka, ka ametraha' ko anareo hitana ny fanjakana sy hampandry ny tany, » hoy Andrianampoinimerina Nony nonina tao Andrainarivo Zanakandrianato, dia nitony ny fahavalo, dia omby no sisa nalai' ny, fa tsy sahy naka olona izy.

Ary raha nandeha Andrianampoinimerina nankany Ampitantelo sy Anosifito sy Vodivato, nony mby tetsy andrefan' Ampitantelo, dia nanao hoe : « An' iza ity tendrombohitra avo eo ? » miantso an' Andrainarivo Dia niteny Zanakandrianato « Antsika, » hoy izy — « Raha antsika io, hoy Andrianampoinimerina, asivy yohitra amy ny ity vodivona ity, ka dia atao ko Ambohitrandriana no anarany, dia oneno, » hoy izy. Kandrefa amponena' ko anareo amy ny' ty vohitra vao nalai' ko ity fa tani-ndambo ity, hoy izy, ka dia tsy mahazo milevina aty andafy atsinanany Sahasarotra hianareo Zanakandrianato, fa tani-ndambo ity (1) ka tsy mahazo milevina amy ny

(1) Lambo manao ahoana no taty taloha! hoy ny zanakandrianato any Andrainarivo, ambarak' ankehitriny Tety Ambatolampy, tety Ambatofisaka, ary dia any Analatsara : tany ny izany ny itoerany ny lambo Be mpangorona lambo, avy amy ny Zanakandriambe ary amy ny Zanakandrianato kosa. Ny teraky Ngahimaraoanaka mpangorona lambo, manan' amboa dimy, amboa enina, dia mahafaty lambo raha mivoaka ; dia lokany ny lefona, raha vao tanany ny amboa, efa miady amy ny amboa ny lambo, fa misy amboa mpihaza lambo, orohany ny amboa ny dia ny, dia arahi' ny, ka raha tsy ny amy ny itoera' ny tsy avela ny amboa Ary tato Ambohijanahary koa Rangahindrianambo manan' amboa 12, dia mahafaty lambo iray izy sy ny amboa ny, tsy mitaona olona intsony, fa mpangorona lambo izy malaza natao hoe *Rabefa Ngahindrianambo no mivoaka hangorona lambo, dia tsy maintsy hitondra* Dia ahanto' ny eo andoha-lambo ny loha lambo, dia rekitra ny anaran-tany hoe *Andohalambo*, ny nonena' ny Ngahindrianambo eo Ambohimanjaka, mbola ao ny zana' ny ambarak' ankehitriny mandimby azy, Rangahidisovala no anarany ny zana' ny, dia ad Andohalambo no monina izy Ary raha tsy misy amboa, dia ny olona no asia' ny lambo, ny amboa aza raha miady amy ny, misy maty, misy maratra miraraka ny tsinay ny, misy tapa-pe fa misy nify lava ny lambo, izany no ameleza' ny ny amboa sy ny olona ; indrindra raha mitaiza, dia masiaka dia masiaka, fa miaro anaka Raha tsy izay amboa hendry tsara tsy sahy manatona azy, fa maty ny, sy izay olona

ity, fa na dia any andafy andrefany Sahasarotra no milevina hianareo Zanakandrianato, hoy izy fa tany tsy tia' ko ilevena' nareo 'ty, fa tanindambo, fa fonenana no onena' nareo eto Andrainarivo, sy Ambohitrandriana vohitra vao alai' ko hitana 'ty vava atsinanana ity, fa tany tsy vita 'ty an-koatry ny ala ity, ka amponena' ko anareo Zanakandrianato, atao ko 30 lahy Ambohitrandriana 30 vavy, atao ko vadi-n' Andrainarivo,» hoy izy Dia nibitaka ny Zanakandrianato «Toky no omen' anao, Andrianampoinimerina, mandria mitsilany hianao, f' izahay teraka mafy loha no eto « — Dia faly Andrianampoinimerina «Raha manao izany hianareo Zanakandrianato, dia manome omby 5 anareo aho, ho entina mihady an' Ambohitrinindriana, dia isantaro ny vohitr' areo,» hoy izy Dia no hadi' ny Zanakandrianato ny vohitra Ambohitrinindriana natao ny *hadi-rano* nampakarina ny rano velona, dia natao tombo-drano, izany no hadi-rano

Nony niverina avy tany Vodivato amoron' ala Andrianampoinimerina, dia nijery ny vohitra indray izy, dia faly izy «Vita nareo sahady lahy! hoy izy; dia mifidia indray vositra 2 lahy ho haniny ny zaza ho haniny ny vehivavy: fa namono tena sy nikely aina nanao 'ty hadivory, f' ahy io hadivory Ambohitrandriana io,» hoy Andrianampoinimerina Ary hoy Zanakandrianato: «Ty vohitra alaina ity, dia hahamasina anao Andrianampoinimerina, sy hahatrarantitra anay monina ato fa fari-bava nao, hahatana' nay ny fanjakana tany ny 'ty lava ny atsinanan' avaratra ity, tsy haharesy tondromaso anay fa mamy nay hianao Andrianampoinimerina, ka atao nay tsy ho zavatra ny ai' nay Raha misy mivadika izao teny izao, na iza lehibe, natao tsy itiavam-bady natao tsy itiavan-janaka, natao tsy hahalehibe raha mivadika izao fonenana efa nametrahan' antsika Zanakandrianato, natao nao nahatoky anao no napetrak' ao amy ny ity lava ny atsinanan' avaratra ity, hoy Zanakandrianato, ka loka n' ady sy loka-mponenana amy ny ireto Andrainarivo sy Ambohitrandriana, raha misy miala amy ny izao ka mihoatra an' Ambatomafana. dia atao tsy manana ny fanjakana, fa ampinga ny iley osa izay mivadika izao, dia very ny tena ny,» hoy Zanakandrianato — Ary niteny Andrianampoinimerina nanao hoe «Matokitoky tokoa aho, raha miloka amy ny fanjakana hianareo Zanakandrianato Fa ny fanjakana tsy mba manam-pahalaniana, tsy manam-pahafatesana; fa raha vola aman-karena manam-pahalaniana, raha omby raha andevo manam-pahafatesana izany; ary ny fanjakana tsy manam-pahafatesana tsy manam-pahalaniana; ka raha izaho koa no andriana, dia matokia hianareo, raha tamingia' ko koa no andriana, hoy Andrianampoinimerina f' izaho andriana tsy mamitaka,» hoy izy

ARY NY NITIAVAN' ANDRIANAMPOINIMERINA AN-JANAKANDRIANATO, dia izao, raha mbola tsy nanjaka izy dia *Razakandraina* sy ny nama' ny no nisehoany ny lokanady natao ny Mandiavato tao Ambohibemasoandro

Ary indray, raha nanjaka fa mbola tsy nandry ny tany ka vao namory Andrianampoinimerina, dia niteny Rainibetrano sy Ngahirainisaha raibe ny **Rabeantsovina** sy ny nama' ny, **zanakandrianato izy rehetra, vodi-olona lehibe any an-tanàna** amy ny Zanakandrianato, teny iray amy ny Razakandraina, hoe. «Raha mbola velona izahay, matesa ny ho faty vereza ny ho very! raha tsy hianao Andrianampoinimerina no hanjaka!» — Ary niteny Andrianampoinimerina nanao hoe «Mamy ko izao atao nareo izao, iley Zanakandrianato, fa hany mampalahelo ahy. ny vanja tsy anana ko, ny basy tsy anana' ko» — «Ary niteny Rainibetrano «Aza malahelo hianao Andrianampoinimerina, f' izahay no vanja sy basy,» hoy izy

matoky tsara mitondra lefona roa ny iray atoraka, ary ny iray atsena azy raha avy izy, fa raha lefona tokana tsy azo atoraka, fa raha tsy mahavao azy dia lany ny Fihinany ny olona ny lambo, ny tsinainy no ariana hanin' ny amboa, ny sisa rehetra dia hanina avokoa

— Dia dina sy hevitra natao ny Zanakandrianato hampanana' ny an' Andrianampoinimerina vanja sy basy « Avia isika, hoy izy ny manan' andevo iray dia mividy angalisa, ny manan' omby valo, dia mividy marovy; ary ny manan' omby fito, dia mividy tsifidianana » — anaram-basy izany — Dia nifaneky Zanakandrianato nanao hoe « Raha hanompoa' nay ny olona tahak' anay aza, dia tsy avela nay tsy ho tanteraka izany » — Ary no lazaina tany ny Andrianampoinimerina izao dina sy fanekena izao, fa A 60 ny basy iray tany ny izany Ary namaly Andrianampoinimerina « Eny ley Zanakandrianato, fa tsy mandala vola tsy mandala fananana, tsy matahotra hanompo vadi-aman-janaka, noho ny fitiava' ny ahy ka raha ny tarana' ko koa no hanjaka, dia aza malahelo sy tsy hadino ko izao atao nareo izao, fa matokia, » hoy izy Izany indray no nitiavan' Andrianampoinimerina an' Janakandrianato.

Ary mahery an' ady ny Zanakandrianato raha miady, *tsy mahazo mihemotra* izy, fa fady ny sampy ny ny mihemotra. Ary *Zanaharitsimandry* no sampy ny. Ary raha mandeha Zanaharitsimandry raha handeha hanafika, izao no fady ny: tsy homana kisoa, tsy homana tonon' avadika, tsy homana masontantelinkena, tsy homana masonomby, tsy homana lohalikomby izao no fady ny raha mby an-tafika; ary raha miady, *tsy mahazo mihemotra*: fa fady ny mihemotra Raha mby an-tafika Zanakandrianato, raha miady, dia tsy miteniteny, fa dia mihidy vazana; na maty aza ny ao aloha sy ny ao anila ny: dia mandroso hiany, fa tsy mahazo mihemotra. Raha voa tendry handeha Zanakandrianato, dia mitondra Zanaharitsimandry, (ny vorongon' ody tohizan' ody), dia mifany ny sasany, dia mandeha, dia tsy loa-bala, hoy izy, raha tsy manota ireo fady ireo; ary raha manota, tsy maintsy ho voa. Ary ny mpitahiry andRazanaharitsimandry, dia zanakandriandray any Antaniravo, ary dia mankao rehefa handeha maka azy.

Ary nony tao aoriana, nony nasian' Andrianampoinimerina i Marovatana, nony tonga tany, niteny Andrianampoinimerina nanao hoe « Izay mahafaka io manda io, lahy, dia ome' ko A 100. » — Dia niteny Razakandraina sy Rafiakarana sy zanakandrianato nama' ny: « Izahay tsy mitamby vola amy nao sy tsy handany ny vola nao, fa mbola eto izahay teraka mafy loha. » — Dia nihazakazaka Razakandraina sy Rafiakarana, dia maty Rafiakarana, dia afaka ny manda Ny faty azo hiany, dia *satro-mena* nomen' Andrianampoinimerina azy; ny ilevena' ny ao Antsaraotady andafy atsimo ny Mangatany

Ary nony tao aoriana indray, raha nananika an' Ambohibeloma avaratra Andrianampoinimerina, tany tsy vita tao, dia niady ny vahoaka, dia voa lefona Razakandraina teo ambany ny heli' ny, ka tsy nahafaty azy; dia nampandrenesina i Andrianampoinimerina, dia nankasitraka azy, dia nomeny vola sy lamba sy salaka noho ny ady natao ny fa lehilahy mahery an-defona sy mahery an' ady Razakandraina.

NAHAFATESAN' DRAZAKANDRAINA Taty aoriana maty izy tany Analamainty any atsinanana anila ny Vodivato Nanao hazo-ntrano n'Andrianampoinimerina, no maty voa basy ny fahavalo. Ary izao no tantara ny nahafatesa' ny:

Raha nanao trano Andrianampoinimerina teroa Mananierana andrefan' Ambohimanga, nisy zorontrano tsy tonga horirana: « Iza no hanao ity hazo tsy tonga horirana ity? » hoy Razakandraina. — Ary hoy Andrianampoinimerina « Aoka ity no hatao, tsy tonga horirana kely io, » hoy izy. — Ary tsy nety Razakandraina: « Fa handeha indray alina haka Anjohy sy Ambohibao, nama' nay Zanakandrianato, » hoy izy — « Dia mandehana », hoy Andrianampoinimerina Dia lasa izy nankany Analamainty

Nony tonga tany dia nahavita hazo indray andro hiany, ary dia nandry nony alina. Dia nikatsakatsaka be hiany manodidina ny lasy, dia nandreny Ambohitraza « E zato lefona sy basy mikitrakitrana be hiany! » Ary hoy ny sasany Dia handeha milaza amy ny Razakandraina » — « Ho kapohina ialahy raha milaza tsaho izany »

— Noho ny haosany ny ialahy, dia tsy nilaza ia natahotra andRazakandraina Dia tafandry tamy ny iny alina iny, fa tsy nalahy fahavalo Ary nony maraina « Mahandroa vary ny sasany, ary ny sasany andray ny hazo, » hoy Razakandraina Ary dia nandeha Razakandraina hitari-dalan, dia Rainilambo (miaotra izy 2 lahy) manaraka Nony tonga teo amy ny hazo, dia nipoahany ny basy i Razakandraina. dia voa amin' ny varavaran-kandrina. « Tonga ley maty ! » hoy izy Dia nietsaka, dia maty Dia niteny indray Rainilambo « Raha manatona eto ialahy, dia maty ko ! » hoy izy Dia nambanany Rainilambo ny basy, dia namely ny fahavalo nitifitra azy, dia voa amy ny valahana Rainilambo, dia nandositra i Betrano (fa voa ny sandry ny) nahita azy miaotra maty, nampitaitra ny vahoaka Dia niloka ny vahoaka « Raha hanary fatindRazakandraina sa, koa tezeran' Andrianampoinimerina isika. » Dia nandroso naka ny fatindRazakandraina miaotra, ka azo ny faty

Nony tafa voaka ny Analamainty dia nilaza tamy n'Andrianampoinimerina : « Maty Razakandraina voa ny basy, sy Rainilambo. » — Dia nalahelo Andrianampoinimerina, ka nitomany izy. Ary dia nampitondrain' Andrianampoinimerina lamba 3, sy vanja apoaka amy ny faty indray andro maninjitra, sy omby 4 ny miari-tory, ary omby 10 atao afany ny tanety. Dia nalevina teo Ankatso andrefana, amy ny fandrazana (1) Ary Razakandraina lehilahy nalaza, nahery an-defona, nahery ambasy, nahery an' ady, ary mpanahy, izy. natao n' Andrianampoinimerina *tsindranolaby* mpitaiza azy tsy afak' amy ny, k'izy no nahazoany tamy ny Andrianampoinimerina ny nentindrazana fitondra ny Zanakandrianato

NENTINDRAZANA FITONDRA NY ZANAKANDRIANATO

Tsy menakely fa menabe

Tsy alàna vodihena raha tsy fandroana, sy fisaorana amy ny famorana

Tsy aorin' olona fototr' akondro ary tsy tohizin' olona temitra, amy ny famorana izany.

Tsy hitsahin' olona farana, amy ny fampinomana : fa vadintany no tena ny izy

Ary *mpanantatra* ny zavatr' andriana Raha misy andriamanjaka hiseho, dia mitondra *ombalahi-malaza*, sy *ampingavanga*, sy *lefontsivakiantso*, i Zanakandrianato ; dia aterina any amy ny andriana izany, enti' ny manasin' andriana, ary hoy no fiteny ny manatitra : « Trarantitra... 'zao no fitondra nay tamy ny 12 nanjaka ka tsy azo nay avela Dia manatitra hasina amy nao izahay, f' izao no fitondrandraza' nay, » hoy izy — Ary mamaly kosa ny Andriamanjaka « Rahefa manao izany hianareo, dia mankasitraka anareo aho Tsy anova' nareo ny nentindrazana, ka tsy ova' ko kosa, raha mbola mahatana ny nentindraza' nareo hianareo, dia tsy ova' ko : fa izaho mpanjaka kosa ka tsy hanova aho, » hoy izy Ary dia omeny ny andriana vodihena ny olona manatitra tonga any, ary hoy izy : « Dia enti' ko hamahana ny tsy afaka an-tanàna, ny zaz' amambehivavy, omby iray ao Beorana amy ny omby ko no angala' nareo azy, mifidia ho anareo anankirav » hoy izy

Ary *santatra* sy *hasina* no hevitra ny ampingavanga sy ny lefona tsy vaky antso

Raha mamora ny andriana, dia Zanakandrianato no mitondra any amy ny andriana ny *ranomasina*, ny *sahafa famelona*, ny *fanotonato*, ny *vahimavany*, ny *faritraikibololona*, ny *amalona*, sy ny *akanga* sy ny *bonjo*, ary ny *trandraka*, atao

(1) Nony tato aoriana naindrany ny hava' ny teo Mangatany ny faty ny, fa teo ny nonenany Razakandraina lehibe ny Zanakandrianato rehetra, sady tsindranolaby n'Andrianampoinimerina tsy afak' amy ny